

## **NY FIFOHAZAM-PANAHY**

Nosoratan'ny Anabavy M.A. DAOUD

( Nadikan' ny Mpitandrina Razafimpianarana Joro )

NANOMBOKA NY FIFOHAZAM-PANAHY rehefa nofenoina ny FANAHY MASINA sy ny afo ireo tanora zazavavy voalohany ... izany dia nahatonga ny hafa rehetra ho tena nangetaheta ihany koa mba handray io fahatsapana be voninahitra io, fivoriam-bavaka ho an' ny « TANORA ZAZAVAVY FOTSINY » no nangatahan' ireo ... tokony ho zazavavy 25 no nanatrika tamin' ilay andro voalohany ... Ankehitriny dia tanora zazavavy mahafinaritra mihoatra ny 200 avy amin' ny sokajim-piainana samihafa no nameno ny toerana tao amin' ny « efitrano fivavahana » ... Vakio ny tantara eto ambany : ...

- IZAY ZAVATRA NATAON' ANDRIAMANITRA !!!

TENA MAHATALANJONA !!! ... hatramin' izay nilatsahan' ny Fanahy Masina tamin' ireo fo mangetaheta tao amin' ny foibem-pifohazam-panahy eto Madagascar, 2 herinandro talohan' ny Krismasy ... ny toerana rehetra dia VELOMBELONA noho ny voninahitr' Andriamanitra sy ny ASANY MAHERY VAIKA ! niriko ny tsirairay avy aminareo ho nanatrika teo hahatsapa ny voninahitr' Andriamanitra miasa eo anivon' ireo olona ... Rehefa manao batisa ao amin' ny rano fanaovam-batisan' ny fiangonana izahay ... ny efitra fisoloana akanjo dia manjary « Efitrano ambony » tahaka ilay voalaza ao amin' ny Asan' ny Apostoly ... ary ny Fanahy Masina dia tena mirotsaka amin-kery ka maro no mandray ny Batisan' ny Fanahy Masina raha tsy mbola atao batisa ao anaty rano akory ... ary rehefa mivoaka avy ao amin' ny efitra fisoloana akanjo mba hatao batisa ireo, dia matetika miantsoantso teo am-pidinana ao anaty rano sady manangan-tanan-droa manome voninahitra an' Andriamanitra ! Mahavariana izany ... indraindray dia sarotra ny mitazona ilay atao batisa hasitrika ao anaty rano ... avy eo dia miakatra avy tao izy ireo feno ny voninahitr' Andriamanitra mamirapiratra eo amin' ny tarehiny tretiaky ny hasambarana ! Ny FIAINANA sy ny tena FIFALIANA dia mahatonga ny olona tsy manana izany HANGETAHETA MBA HHAZO ... Voninahitra ho an' Andriamanitra ! Tena mahafinaritra izany, mihanika ary mitsangana eo ambony dabilio ny olona mba tsy ho diso anjara amin' ny fijerevana ny zavatra tsirairay avy ataon' Andriamanitra!

Any amin' ny fiangonana maro dia tsy mba misy zavatra hojerena ka hitsanganan' ny olona eo ambony dabilio! – fa rehefa ny olona nandia fianarana sy manana izay maha-izy azy , anisan' izany ny mpitsabo mbamin' ny hafa, no mihanika dabilio mba hitazana, dia azonao antoka fa tena misy zavatra mendrika hojerena! Voninahitra ho an' Andriamanitra! Manaraka ny filaharany avokoa ny zavatra rehetra, kanefa izay zavatra ataon' Andriamanitra dia mendrika HOJERENA sy HOHENAINA ary HORAISINA!

Vokatr' izany dia vahoaka sesehena no mirohotra ho amin' ny isaky ny fivoriana misy toriteny, na dia ao anatin' ny VANIM-POTOANAN' NY ORA-MIKIJA TENA SAROTRA AZA ... rehefa mahery fitsoka koa ny rivotra, ary ny tselatra sy ny kotroka dia tena mafy indraindray hany ka voatery miandry izahay rehefa hamarana ny toriteny... satria na dia misy fanamafisam-peo aza dia tsy heno! KANEFA DIA TONGA NY OLONA AMIN' IZANY

ORANA REHETRA IZANY, satria MIASA AMIN' NY FOMBA MAHERY VAIKA ANDRIAMANITRA! Haleloia! Mandrakizay mandrakizay! Misy olona tonga avy any amin' ny 483 km satria tsy misy fiangonana hafa MITORY FAMONJENA manerana ilay firenena !

Rehefa nofenoina ny Fanahy Masina ireo tanora, dia nanao fanolorantena ho mandrakizay ... tiany ny hitory ny FAMONJENA MAHAFINARITR' ANDRIAMANITRA amin' ny hafa ... koa dia niangavy anay izy ireo hanome fampianarana manokana momba ny Baiboly ... mba ahazoany mianatra haingana kokoa ny Tenin' Andriamanitra sy ahavonona azy hitory ny Teny madion' Andriamanitra izay mamonjy fanahin' olona sy mameno ny mpino amin' ny Fanahy Masina, ary ny Teny no ampiasain' ny Fanahy Masina hampihaiiky heloka ny mpanota ... koa dia natombokay ny fampianarana ... ka faly avokoa ny tsirairay avy ...

Ireo tanora zazavavy dia nangataka anjara hanana fivoriam-bavaka ho azy ireo manokana ... ny sasany amin' ireo zazavavy ireo dia miofana ho mpampianatra an-tsekoly, ny sasany efa mpampianatra rahateo ... ny hafa nivoaka avy tamin' ny oniversite, sns ... kanefa tonga ireo ary nanomboka ny fivoriam-bavaka tokony ho zazavavy 30 ... Nidina ny voninahitr' Andriamanitra ary nifampivavaka ireo mandra-pandraisany ny fahatsapana feno voninahitry ny Batisan' ny Fanahy Masina! Tamin' ny fotoana manaraka nivorian' izy ireo, dia nitombo hatrany ny isany, ka nihanitombo hatrany ny voninahitra sy hery tao amin' ny fivoriam-bavaka ... ankehitriny dia efa mihoatra ny 200 ireo tanora zazavavy fotsiny ao amin' ny fivoriam-bavaka ... ilay efitra ampiasain' izy ireo hivavahana dia tonga tery ankehitriny, satria mitombo isan' andro ny isan' ireo zazavavy ao amin' ny fivoriam-bavaka ... ny besinimaro dia MAHITA ny asa be voninahitry ny Fanahin' Andriamanitra eo amin' ny fiainan' ireo tanora zazavavy ireo!

Ireo tanora zazalahy, rehefa nahita ny fitahiana noraisin' ireo zazavavy, dia nanomboka ny fivoriam-bavaka azy ireo ... ary izy ireo koa dia nandray fahatsapana be voninahitra mitovy mbamin' ny firotsahan' ny Fanahy Masina tao amin' ny fivoriany ... ary efa 85 mahery izy ireo isaky ny fivoriam-bavaka ... kanefa TSY MISY TOERANA HO AN' NY LEHILAHY MBA HANAOVANY FIVORIAM-BAVAKA ... FENO hipoka ny toerana ka tsy maintsy miatrika hanao EFITRANO FIVAVAHANA 2 LEHIBE IZAHAY ao an-damosin' ny fiangonana na amin' ny toeran-kafa mba hamahana olana io fitombon' ny fivoriam-bavaka mahafinaritra io ... ireo olon-dehibe moa dia mampiasa ny anaty fiangonana.

Ireo efitra ireo dia hampiasaina ho fampianarana Sekoly Alahady ... izay TSY MAINTSY hanananay avy hatrany. Tsy misy ny toerana hivorian' ny olona ... efa nahita ny FANTSAKANAN' NY RANO VELONA izy ireo eo amin' ny tanihay ara-panahy misy azy ... koa ny isam-batan' olona dia mirohotra hanovo ny RANO VELONY! DERAINA ANDRIAMANITRA ... noho izany dia tsy maintsy manao toerana ho azy ireo faingana izahay

...

Ny TRANO FIANGONANA dia tsotra sy tsy miloko, misy dabilio tsotra sy tsy miloko ... kanefa ny voninahitr' ANDRIAMANITRA dia ao, hany ka hipoka olona sahady ...NY MPANOTA dia mangovitry ny faharesen-dahatra ... feno tahotra izy ireo manoloana ny Fanatrehana sy ny Voninahitr' Andriamanitra tsapany sy hitany indrindra eo amin' ireo tanora marobe mameno ny toerana ...

Eo am-pandrenesana ireo fijoroana vavolombelona sesehena be voninahitra ataon' ny tanora sy ny olon-dehibe izay tsy MBOLA nahafantatra MIHITSY fa voavonjy teo aloha ... fa mby ankehitriny, diboky ny HAFALIANA izy ireo manambara ny FAMONJENA izay vao azony ...izany dia mahatonga ny olona ho noana sy hangetaheta ...

Tian' ny olona ny “ miaina ” eo anivon'izao voninahitra ara-panahy mahafinaritra izao ... koa noho izany ny toriteny indroa isan-Alahady dia tsy ampy azy ireo ... ankehitriny dia mitoriteny inefatra izahay isan-Alahady amin' ireo vahoaka feno hipoka ... ankoatra ireo fivoriana andavanandro.

#### NY FIAINAN' NY MPITANDRINA BE ASA

Izy dia tsy maintsy mandray ireo olona aman-jatony te hatao batisa amin' ny ranobe mba ho vavolombelona amin' izao tontolo izao fa efa nahafoy ny fahotany ireo ary manaraka an' i Kristy ... Mialoha ny hanaovan' ny Anadahy Daoud batisa azy ireo dia tsy maintsy manadihady tsara ireo izy mba hananana antoka fa tena efa “ nateraka indray ” ireo, ary efa tena nahafoy ny toetra ratsiny rehetra teo aloha, ary efa namerina tamin' ny tompony izay tokony haverina raha tsy maintsy hatao... manomboka amin' ny 6 ora maraina mandra-paha-maizina ny andro, laharan' olona maro no mifandimby mangataka hatao batisa ... Tsy manam-potoana hanaovana zavatra hafa ianao amin' izany... kanefa MAHAFINARITRA IZANY REHEFA TONGA ANDRIAMANITRA MAMANGY NY OLONY! “MISY FIFALIANA LEHIBE ETO AMIN' ITY TANANA ITY sy manerana ny firenen' i Madagasikara manontolo ... Haleloia! ... Izany fifohazam-panahy izany dia mihitatra hatrany.